Ny Mpaminany (S.A.W) dia nanao ozò isaky ny soalat

Tatitra azo avy tamin'i Àmrou bin Àmir, Tatitra azo avy tamin'i Annas bin Màlik niteny manao hoe : Ny Mpaminany (S.A.W) dia nanao ozò isaky ny soalat Hoy aho hoe : Ahoana no nataonareo? Hoy izy : Ampy ho an'ny iray amintsika ny ozò anakiray raha mbola tsy namoaka loto.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Ny Mpaminany (S.A.W) dia manao ouzò tsy tapaka isaky ny hanao soalat tsy maintsy atao na dia mbola tsy tapaka aza ny ouzò nataony; Izany dia mba hahazoana valisoa sy hatsarana. Azony atao ny manao soalat maromaro amin'ny ozò iray raha ohatra ka tsy mbola tapaka.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65080